Ny Valosoa sy Fakafaka 2

## Mila fanarenana ny fanomezan-kasina ny aina

Endrika kolikoly ao amin'ny CNRO Nosy-Be 7

## Tsy azo ny ambim-bolan'ny orinasa nanao azy...


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety misoho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 15 martsa 2022 Laharana 1274 Vidiny : **400 Ar**


Fiarovana ny ministra Hawel sy Tinoka 3

## Tsy ankasitrahan'ny olona sasany any Morondava


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Mpitondra manaotao foana** 3

# Tsy mitsahatra mitodika aty amintsika ny mason'izao tontolo izao



**Clemence Raharinirina sy Lily Rafaralahy** 2

# Be ny tsy mazavazava ataon'i Vazahabe sy ny CUA




**Miaramila miandry tanànana mpanefoefo** 6

# Manampatra fahefana amin'ny mponina manodidina any Ambanja



**Lalina loatra ny fahantrana eto amintsika** 3

# Malagasy miisa 55 tratra saika hiditra antsokosoko tany Mayotte



**Anosibe An'Ala** 6

## Mirongatra indray ny halatra taolam-paty

**Fandrefesan-tany sy fananan-tany** 6

## Tsy ampy ny serasera tamin'ny fankalazana ny faha-125 taona

**Daka kely**



Tena manta ilay governemanta ry Boaikely a !

Clemence Raharinirina sy Lily Rafaralahy

# Be ny zavatra tsy mazavazava ataon'i Vazahabe sy ny CUA

***Nitafa tamin'ny mpanao gazety ny sabotsy teo ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo (CUA), Clemence Raharinirina sy Lily Rafaralahy, anisan'ny nambaran'izy ireo tamin'izany fa be ny tsy mazavazava ataon'ny ben'ny tanàna Vazahabe sy ny ekipany amin'ny fitantanana ny Renivohitra.***

Tao anatin'izany no namotsipotsiran'ireto farany mikasika ny raharaha findramambola tao amin'ny CNAPS, ny resaka SMGD na Société Municipale de Gestion Digitale. Raha mijery ny ampamoaka momba ny raharaha CNAPS isika hoy Clemence Raharinirina dia hita tao ny fanamarihana manao hoe ampindrana ny CUA 11 milliara ariary ity orinasa mpandoa fisotrondranonon'ireo mpiasa tsy miankina amin'ny fanjakàna ity. Mipetraka ny fanontaniana hoe: ho tafaverina ve io vola io ? Nilaza ny ben'ny tanàna Vazahabe, fa efa nanome delegation de pouvoir azy ny mpanolotsaina ny amin'ny ahafahany mindrambola. Dia aoka hazava hoy Clemence Raharinirina, fa ny fanomezam-pahefana nomena ny ben'ny Tanàna dia ny volana jolay 2020 dia fitrosana entina hamatsiana ireo fampiasam-bola na investissement voasoratra ao anaty teti-bola, fa tsy hoe afaka mindrambola rehefa te hindrana. Tsy misy hidiran'ny delegation de pouvoir ity resaka 11 miliara nindramina tamin'ny CNAPS ity. Manaraka izany, nilaza ny ben'ny Tanàna Vazahabe, fa ho ampahafatarina ny mpanolotsaina ny Tanàna ny dingana amin'ny fividianana ny EASYPARK. Hamafisinay aminareo mpanao gazety anefa fa "rachat" no noresahana nandritra ny fivoriana tsy ara-potoana farany teo, izay mba hany nahenoanay izany vaovao izany. Dia raha niteny izy fa nampahafantariny anay mpanolotsaina ny dingana narahiny tamin'ny fividianana sy fitrosàna ihany koa dia aoka ny ben'ny Tanàna hamoaka ny PV rehetra mikasika ny fivorianay nanomboka ny volana janoary 2020 raha marina n y filazàny, fa niteny mazava taminay mpanolotsaina izy, fa hitrosa vola ao amin'ny CNAPS hividianana ny EASYPARK, ka 11miliara ariary no hividianana azy. Mikasika ny resaka SMGD indray na Société Municipale de Gestion Digitale dia ampahatarinay aminareo mpanao gazety, fa afenina mafy aminay mpanolotsaina ny pitsopitsony mahakasika izany. Lazaina fa orin'asan'ny CUA io



*Ireo mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo, nitafa tamin'ny mpanao gazety ny sabotsy teo.*

SMGD io, izay hanangona ny volan'ny mponin'Antananarivo mikasika ny PARKING sy ny fikirakiràna taratasy ao amin'ny CUA, kanefa tsy nangalàna fankatoavana teo amin'ny mpanolotsaina ny fametrahana izany. Tsy nampahafantarina ny mpanolotsaina ny Tanàna hoe karazana orin'asa inona sy manao inona izy io ? ohatrinona ny vola mampihodina azy ? iza no actionnaires izay nolazaina fa miisa 3, ka tale ao amin'ny CUA ny iray. Fantatra araka ny nambaran'i Clemence Raharinirina, fa valiteny boribory no valiteny azon'izy ireo. Nanamafy ny mpanolotsaina ny Tanàna Lily Rafaralahy raha nandray fitenenana izy, fa raha nividianana ny Easy park ny trosa natao tao amin'ny CNAPS dia maninona no mbola misy foana io orin'asa io hatramin'izao ? Ary maninona no tsy mbola avoaka ny bordereau de versement manamarina fa tena nisy izany fampivarotana izany. Ny fanontaniana apetrakay ankehitriny hoy izy dia tena nividianana ny EASYPARK ve io vola notrosaina 11 miliara ariary tao amin'ny CNAPS io? Tianay no manamarika etoana hoy ity mpanolotsaina ny Tanàna ity: FANAFOANANA ny EASYPARK no fampanantenana tamin'ny mponin'Antananarivo tamin'ny fampielezan-kevitra, fa tsy fividianana ny Easy park. Koa raha notapahina ny fifanarahana tamin'io orin'asa io dia tokony miverina amin'ny CUA ny fitantanana ny PARKING eto fa tsy mbola nomena orin'asa indray, izay lazaina fa orin'asan'ny CUA, nefa mbola ifampizaràna ny vola miditra rehetra.

***Helisoa***

Zazah Ramandimbiarison

# Miha-mahantra andro aman'alina ny Malagasy maro an'isa

Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana indray, ny Praiministra lefitra teo aloha, Zazah Ramandimbiarison:

Mikoroso fahana tanteraka ny firenena; tsy mahomby ny fitantanana ny Governementa ankehitriny. Tsy hitan'ny Malagasy maro an'isa ny fiantraikan'ny asam-panjakana. Ny Fanjakana izay tokony ho tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanatsarana ny fiainambahoaka, tsy vitany anefa izany...

Fanovana tanteraka mankany amin'ny tsara amin' izay, no hany vahaolana. Olona madio sy manana traikefa, fomba fitondrana mangarahara lavitry ny kolikoly, fomba fitondrana akaiky ny Malagasy no ilaina.

**Aiza ny anjara masoandro ry Malagasy?**

Mibaribary toy ny vay ankandrina, fa miha-ratsy andro aman'alina ny fiainana ara-tsôsialy eto Madagasikara, na amin'ny tanàn-dehibe na any ambanivohitra. Anisan'ny voalohany amin'izany ny resaka tsy fandriampahalemana, izay tena efa halohalika ny ranom-bary. Mirongatra izay tsy izy ny asan-jiolahy amin'ny endriny rehetra, lasa mahazo vahana amin'ny Faritra vitsivitsy ny fakana an-keriny olombelona, ny halatra taolam-paty, ary amin'izao fotoana dia lasa lasibatra hatramin'ny zaza varira izay tsy mbola fahita teto amin'ny firenena taloha. Na ny fisolokiana aza dia lasa mahazo laka ihany koa eto amin'ny firenena ary miseho amin'ny endriny samihafa eny anivon'ny fiarahominina eny.



*Ny Praiministra lefitra teo aloha, Zazah Ramandimbiarison.*

**Mibaribary**

Mibaribary toy ny vay ankandrina, fa miha-mahantra andro aman'alina ny Malagasy maro an'isa, ary izany no tena antony mahatonga ny tsy fandriampahalemana hirongatra eran'ity tanindrazana malalantsika ity. Jereo ny zavatra misy eny amin'ny renivohitry ny faritany rehetra eny, indrindra fa ny eto Antananarivo, saika mitombo isan'andro ny mpatory andalana sy ny mpangataka. Torak'izany koa ny vehivavy dia lasa maro no mirotsaka amin'ny fivarotan-tena, eny anivon'ny fiarahamonina sy any anaty tambazotran-tserasera sôsialy. Jereo ny gaboraraka izay mihamahazo vahana hatrany ary saika ny sehatra rehetra mihintsy no ahitàna izany. Maro ny Malagasy lasa tsy manaja ny fitsipipiarahamonina, mba hiadanan'ny ambanilanitra. Tsy mipetraka intsony ny fifanajana eny anivon'ny fiarahamonina, fa samy manao izay danin'ny kibony ny rehetra. Tsy resahina intsony ny fahavoretran'ny tanàna, ny tanora lasa mivarolava amin'ny toaka sy ny zava-mahadomelina. Aiza ny anjara masoandro ry Malagasy? Sahia manova mankany amin'ny tsara amin'izay.

***Nangonin'i Niaina***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Mila fanarenana ny fanomezan-kasina ny aina

Efa lasa lavitra ny fahasahiana amin'ny herisetra sy hetraketraka mitranga eto amin'ny firenena ary mampanahy fatratra. Eo ny asa ratsy ataon'ireo jiolahy sy dahalo, izay tsy voafehy efa aman-taonany, na dia nirehaka hahavaha ny olana amin'izany aza ny mpitondra ankehitriny tamin'izy vao hiakatra eo amin'ny fitondrana ny taona 2019 tamin'ny fampisehoana ireo fitaovana ara-miaramila maro isan-karazany teny Mahamasina. Iaraha-mahita ny zava-misy iainan'ny vahoaka manerana ny Nosy, na an-drenivohitra na ambanivohitra, eo amin'ny lafiny tsy fandriampahalemana.

Ny manahirana ny olom-pirenena maro, lasa tsy misy lanjany ny aina. Ny aina izay nomen'ny Malagasy lanjany tanteraka fahiny ary mitoetra ao anaty fikolokoloana ny soatoaviny. Hita ho tsy misy ezaka amin'ny fanarenana sy famerenana fanomezan-kasina izany ny fitondrana ankehitriny, raha ny zavatra re tamin'ny alalan'ny fampitam-baovao sy haino aman-jery samihafa tamin'iny herinandro lasa iny. Tranga iray nambara tamin'izany ny momba ilay mpanefoefo nofonjaina eny amin'ny fonjan'i Tsiafahy, izay mbola tsy vita fitsarana hatramin'izao. Ny tena nanaitra ny maro sy nisarika ny saina, dia ny filazan'ny mpisolovava azy, ny amin'ny fikasana hamono ity olona ity mihitsy raha ny zava-misy iainany eny amin'ny fonja ankehitriny. Lasa ny saina mandre izay filazany izay, hoe tena efa tonga amin'izany tokoa ve ny iainana eto amin'ity firenena ity ankehitriny. Sarotra inoana izany ho an'ny olom-pirenena sarotiny amin'ny firaisankina sy ny fihavanana malagasy.

Raha nilaza i Andry Rajoelina teny amin'ny lapan'ny Kolontsaina sy fanatanjahantena nanoloana ireo vahoaka mpanohana azy ny taona 2019, fa tsy ekena intsony ny isiana malagasy mandatsaka rà malagasy, dia nahabe fanantenana izany. Nandeha anefa ny andro sy ny volana, toa mitranga ny toejavatra mifanohitra amin'ny nambarany, ilay tsy ekeny. Maneho izany, ny fisiana rà latsaka sy namoy aina tamin'ny mpianatra nanao hetsika tany amin'ny Oniversitén'i Toamasina, sy tany Toliara. Santionany ihany ireo. Ny fanadihadiana momba izany tsy re intsony ny fitohizany sy ny niafaràny. Dosie mitovy amin'ny rehetra tsy fanta-piafaràna intsony ve ny amin'ireny? Hatraiza ny fanomezan-danja ny ain'ny mpiray tanindrazana amin'izao fotoana izao? Mila maneho môdely tsara mibaribary tanteraka ny amin'ny fiahiana sy fanomezan-kasina ny aina izay ny fitondrana raha tiana hotafarina ny soatoavina sy ny maha malagasy ny malagasy mandàla ny firaisankina sy fihavanana. Mitaky ny fitaizana sy fanabeazana be dia be eo anivom-piarahamonina miainga any amin'ny fitondrana ary mipàka amin'ny vahoaka ifotony izany. Raha tsy vita izany, hiroso hatrany hankany amin'ny lalina fikorosofahan'ny firenena no hitranga, ary tsy hisy ny fahavanonan'ny firenena.

***Sôh'son***

Very olomanga indray Toamasina

# Nodimandry ny ministra teo aloha Mario Rakotovao

Very olomanga indray ny Faritanin'i Tomasina teo aloha, sy ny distrikan'i Maroantsetra any amin'ny faritra Analanjirofo, nodimandry afak'omaly ny ministra teo aloha Mario Rakotovao. Nodimandry afak'omaly hariva i Rakotovao Mario Jean Florent, izay efa filohan'ny delegasiôna manokan'ny tanànan'i Toamasina ary efa Minisitry ny tontolo iainana tamin'ny fotoanan'ny tetezamita. Nanohina ny olona mahalala azy sy ny fianakaviany izao vaovao ratsy izao, satria ny reniny koa dia vao maty tamin'ny alakamisy lasa teo. Mirary fiononana feno ho an'ny ankohonany sy ny fianakaviany ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

***Stefa***



*Ny ministra teo aloha Mario Rakotovao fahavelony.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Mpitondra manaotao foana

# Tsy mitsahatra mitodika aty amintsika ny mason'izao tontolo izao

Mitohy mitodika tsy misy fitsaharany aty Madagasikara ny mason'izao tontolo izao. Nanomboka tamin'ny nidiran'ny covid-19 teto ka nanambaran'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, fa hanavotra izao tontolo izao tamin'ity valanaretina ity ny manam-pahaizana mpikaroka Malagasy eo amin'ny sehatry ny zava-maniry, noho ny nahitàny fanafody nentina miady amin'ity valanaretina ity. Namafisin'ny "mpaminany vavy breziliana" ity moa izany fahitàn'ny mpitondra izany, ka nihazakazaka ireo firenena afrikana vitsivitsy, tratry ny covid-19, mba naka ny CVO izay neveriny fa tena hanavotra ny mpiray tanindrazana aminy tokoa. Niaraha-nahalala fa nitodi-damosina an'i Madagasikara ireto firenena ireto satria tsy nisy vokany araka ny nantenainy ilay fanafody "mahagaga" nambaran'ilay mpisandoka ho "mpaminany". Ny niandohan'ny taona 2021 indray dia nisy ny volamena 73, 5 kilao tratra tatsy Afrika Atsimo niaraka tamin'ny vola vahiny. Nitodika taty Madagasikara indray ny mason'izao tontolo izao noho ity raharaha ity satria narirarira ny tena nihavian'izany volamena izany. Tsy mbola naverin'ny fitondrana Afrikana Tatsimo eto, na ny volamena na ireo gasy telo lahy nitondra izany na dia niezaka nifampiraharaha tamin'ny mpitondra ao Afrika Atsimo aza ny mpitondra malagasy. Marina fa tsy vao tamin'ny taona 2021 ihany no nisy ny kere any Atsimon'ny Nosy kanefa dia tena nampitodika ny mason'izao tontolo izao ny tamin'iny taona iny satria dia amin'arivony no nifindra monina aty faritra Avaratra kanefa dia azo lazaina fa nanao vy very ny ainy ireny olona ireny. Tsy nijery fotsiny ny vondrona iraisam-pirenena, fa nanampy kanefa dia izy ireo ihany no nitantanana izany noho ny tsy fahatokisany ny mpitondra. Niantso vonjy tamin'ny Banky Iraisam-pirenena ny fitondrana Rajoelina Andry noho ny fihanaky ny valanaretina ary dia nahazo manakaiky ny iray miliara dolara no azon'ny mpitondra. Nitaky ny nanaovana fanamarinana (audit) ny nampiasana izany fanampiana izany ireo mpiara-miombon'antoka, ka dia nitodika taty Madagasikara ny mason'izao tontolo izao, satria taridrano an-kilaila, ka ny very no betsaka, no nanaovan'ny mpitondra malagasy ny fanampiana. Tsy ilaina ny miresaka ny fahafaham-baraka noho ny zava-mahamenatr'olona nataon'ny ministry ny serasera sy ny vadiny izay fantatry ny rehetra tsy teto an-toerana ihany, fa hatrany ivelany koa. Tsy ny mason'izao tontolo izao no nitodika taty Madagasikara fa ny firenena 140 izay nanameloka ny fananiham-bohitra ataon'ny Rosiana any Ukraine, noho ny nangalan'ny fitondrana malagasy ny toerana tsy fombana ny atsy na ny aroa, izay azo inoana fa hisy fiantraikany amin'ny fifandraisana eo amin'ny Eoropeana sy Amerikana amin'i Madagasikara. Nitodika taty Madagasikara ihany koa ny mason'izao tontolo izao ny faran'ny herinandro teo satria efa niparitaka tany amin'ny tambazotra sy ny fampahalalam-baovao, fa tokony nisy ny fanovàna ny mpikambana ao amin'ny governemanta. Niandry ny rehetra kanjo, tsy nisy izany fanovàna izany ary nivoaka tamin'ny tambazotran-tserasera fa misy minisitra midongy toerana araka ny fanambaran'ny sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarmariam-pirenena. Tsy mbola nisy tranga toy izany nanerana izao tontolo izao, ka dia azo antoka fa mifantoka amin'ity raharaha ity daholo ny any ivelany. Ny manahirana dia inona loatra no mampifamatotra ireto olom-boatendry ireto amin'ny mpanendry azy, Rajoelina Andry, ka tsy ahafahan'ity farany mandray fanapahan-kevitra matotra sy hentitra. Tsy izay ihany fa toa jamba, marenina sy maty ny taovam-pitsapana ary ny fanamboloan'ny filohan'ny Repoblika, ka voafetra tanteraka izy amin'ny fanaovana tombam-pahombiazan'ireo minisitra notendreny. Mirazotra amin'ity raharaha governemanta ity ny fanamelohan'ny Federasiona Iraisam-pirenen'ny "pétanque" noho ny tsy nahaloavan'i Madagasikara ny trosa nataony nandritra ny fiadiana ny tompondaka eran-tany tany Espaina. Azo antoka fa tsy hitsahatra ny hitodika aty amin'ity firenena mahantra indrindra maneran-tany ity ny mason'izao tontolo izao, noho ny tranga mbola hiseho eo amin'ny sehatra rehetra.

***Andry Tsiavalona***

**FIAROVANA NY MINISTRA HAWEL SY TINOKA**

# Tsy ankasitrahan'ny olona sasany any Morondava



Tsy ankasitrahan'ny olona sasany any Morondava ny fiarovana ny ministra Hawel sy Tinoka, nataon' ireo olom-boatendry sy olom-boafidy tany Morondava. Araka ny vaovao azo avy any an-toerana: voaompa sy nataon'ny olona toy ny fako ireo olom-boatendry sy olom-boafidy volom-boasary any amin'ny faritra Menabe ireo:

Manoloana ny fanambarana, izay fiarovana ny minisitra Hawel sy Tinoka Roberto nataon'ireo olom-boafidy sy olom-boatendry tao Menabe dia tezitra sy nampiaka-peo tao amin'ny tambazotran-tserasera facebook ny olona sasany any Menabe, ka nanompa sy nanome tsiny ireo tompon'andraiki-panjakana any an-toerana, izay toa variana miaro tombontsoan'olom-bitsy, sy tombontsoan'ny antoko, fa tsy miasa saina amin'ny tombontsoan'ny vahoaka: amin'ny vidim-piainana efa tsy zakan'ny aina ity ary ny tena nahagaga ny maro dia ny nahita an'Andriamatoa Préfet an'i Morondava niaraka tamin'ireto olon'ny antoko ireto, nefa dia izy mihintsy no niteny tamin'ny nandraisany io toerana io, fa tsy vitsy ireo olon'ny antoko izy sady tsy natolotry ny mpanao politika, satria araky ny fantatra tokoa dia ny Evekan'i Morondava, no nanolotra azy tamin'ny filoha, mba hametrahana azy ho préfet io, satria efa niofana ho pretra ny lehilahy ary mpianatr'io Eveka io izy tamin'izany, nefa dia izao nivadika tamin'ny filohan'ny fivondronambe ny Eveka izao, ka niray petsapetsa amin'ny mpanao politika nefa amin'ny maha-olom-boatendry azy dia tsy tokony hiandany na amin'ny atsy na ny aroa.

Sarotra ny hitokisana ny hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara, raha ny tompon'andraikitra toy izao no miandany amin'ny antoko politika araky ny nambaran'ireo filohampokontany eto Morondava.

Koa araky ny antso ataon'ireo olona sasany any Menabe, ao amin'ny tambazotran-tserasera sôsialy Facebook dia takiany, ny hanalana ireo olona mpiaro tombontsoan'olom-bitsy ireo.


***Rajepa***

Lalina loatra ny fahantrana eto amintsika

# Malagasy miisa 55 tratra saika hiditra antsokosoko tany Mayotte

Lalina loatra ny fahantrana misy eto amin'ny firenena, ka tsy vitsy ireo Malagasy te hifindra monina any ivelany, hialany amin'izay fahasahiranana izay. Tany Mayotte omaly, Malagasy miisa 55 no tratran'ny mpiandry sisintany Mahore saika hiditra antsokosoko tany an-toerana. Tratra niaraka tamin'izy ireo ihany koa ny olona nitondra azy tamin'ny lakana araka ny filazan'ny Préfet an'i Mayotte. Tsy maintsy haverina aty Madagasikara izy ireo.

***Niaina***



*Ny fahatratrarana ireo Malagasy saika hiditra antsokosoko tany Mayotte.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Misy ny olom-pantatra sy namana tsy te hahalala intsony rehefa voatendry ho ministra na toerana ambony hafa

**Jean-Luce Randriamihoatra : Governemanta.** TANTARA KELY : dia misy tokoa anie izany hoe namana mpamangy anao any amin'ny biraonao matetika. Saingy rehefa voatendry Ministra izy dia tsy mandray antso finday intsony. Ny ampitson'ny nanesorana azy kanefa (tena ny ampitso, tsy miandry herinandro, na volana akory) ... dia niantso anao izy mba "hihaona". Efa sendra an'izany mantsy ny tenanay (fony Tetezamita).

**Voahangimalala Rajaoarinelina:** k'efa hoe namana ref miara-mitolona @ fiainana miara-mitaingitamboho hoy ny fitenenana, fa ref mahazo seza tsara izy d tsy fantany ntsony enw sao mandoto ny sezany. Tsy toerana ministra ihany io, fa voatendry amin'ny toerana ambony hafa koa dia tsy te hahalala ny sasany.

**Jean-Luce Randriamihoatra :** Voahangimalala Rajaoarinelina : fantatr'indry izy é !

**Piany Randrianantenaina :** tonga dia liste noir zany a !

**Lalaina Ryan :** diae hodio fanina koa ry Luce a!

**Herinantenaina Louis :** fa rahoviana marina ma remaniement e ?

**Solotiana Thomas Randriamisanjy :** zay lay Gasy ... tsy mahagaga zany amiko ...

**Andry Niaina Rakotoarison:** ompa vary raraka no mahazo azy raha aty!

**Ambatomanitrasina Vohitra Masina :** tena misy io a !

**Saholy Arilala :** ko sahirana amin'ny asa kosa izy euuuh!

**Louis Paul :** ka be asa izy teo ka.

**Aroma Bio Rndr:** betsaka ny manana toe-tsaina toy izany.

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** ary tena aretina ilay izy zoky a!

**Hasina Rakotondrabe:** mbola tokony hantsoina hoe "namana" ve izy ? ... Tsy aleo omena ny anaram-boninahitra hoe "olom-pantatra" ?

**Olivia Ramanantsitonta :** tonga dia lazao azy hoe aleo hijanona satria etc.......

**Ari R'Atovo :** efa tratra matetika aho, haut fonctionnaire ry zareo !


**Ramamonjiarisoa Nicette :** hafahafa hoa ilay Malagasy.

**Mahery Andriamamonjy:** tranga tena mpiseho matetika izy ity.

**Naly Rakotonoely:** mahaliana, dia mba inona no teniny Zoky Jean-Luce Randriamihoatra amin'izany?

**Che Ernest:** ny gasy mihits no misy toetra.

**Rajoeliravaka Théodore :** nefa Mino Aho fa Mbola betsaka ny miaro an'izay olona izay (misolelaka).



TONONKALO

## Ho tratra farany eo

Efa samy mailomailo ireo mpandeha anaty sambo,
Fa mandindondindona azy irony loza sy ny antambo.
Ao sahady ireo mihiaka sy miantso hoe "vonjeo",
Ka mihevera ry boaikely sao ho tratra farany eo.

Nisy ireo izay "niara-niainga" no efa toa nidingin-drambo,
Ka nilaza an-karihary fa tsy maintsy handao ny sambo.
Angamba noho ny adiady izay tsaroany no nankaleo,
Ka mihevera ry boaikely sao ho tratra farany eo.

Dia asa indray raha mbola hisy ireo mpiantsambo vaovao,
Izay hiakatra eny am-pandehanana, toy `zay fahita tao ho ao.
Ireny anefa tsy hampitony ny kiakiaka sy toreo,
Ka mihevera ry boaikely sao ho tratra farany eo.

…Angamba tsy fotoana izao, mbola hisehoana ho matin-kambo.
Tsy matoky anao intsony hatramin`ny ao anaty sambo.
Avelao ny familiana , izay no mety ka ekeo.
Mialà ianao ry boaikely sao ho tratra farany eo .

***IRINA HO TAFITA (12-03-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo, Helisoa

**Ireo mpitarika ny Fok-TIM ao amin'ny Boribritany faha-3 Antananarivo, nifampiarahaba tratry ny taona tamin'ny depiote feno Ralambomanana, tetsy Bel'Air ny faran'ny herinandro teo.**













**Nodimandry i Erys François (afovoany), mpanakanto anisan'ny nanafana ny sehatra, nandritra ny tolona tetsy amin'ny Kianjan'ny Finoana Magro Behoririka, sy ny Magro Ankorondrano.**





# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Antoko Tim: Tiako i Madagasikara any amin'ny kaominina Andoharanofotsy Atsimondrano, teo ambany fitarihan'ny solombavambahoaka Alain Ratsimbazafy . Tonga nanome fanampiana namana Tim iray tao Mahalavolona, rava trano noho ny rivo- doza nifanesy teo ireny.**






**Fanabeazam-boho ny antoko TIM tao Ankoririka, Kaominina Morarano Chrome, distrikan'Amparafaravola, faritra Alaotra Mangoro ny faran'ny herinandro teo.**






ANOSIBE AN'ALA

## Mirongatra indray ny halatra taolam-paty

Mirongatra indray ny halatra taolam-paty amin'izao fotoana any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala any amin'ny faritra Alaotra Mangoro. Tambazotra mihitsy ireo mpangalatra manao izany asa ratsy izany. Noho ny ezaky ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana anefa, saron'ny zandary any antoerana ny 7 lahy mpangalatra taolam-paty izany.

Ny 08 martsa 2022 lasa teo, naharay vaovao marim-pototra tamin'olona tsara sitra-po ny zandry izay miasa eo anivon'ny "Cellule de coordination de la gendarmerie Anosibe An'Ala", fa misy olona miisa 7 lahy mampiahiahy mitondra entana tsy mazava no mivezivezy ao amin'ny fokontany Antanambaovao sy Antaninarenina , Kaominina Anosibe An'ala.

Raha vantany vao naharay an'izany ireo Zandary miasa ao Anosibe An'ala dia nanao fikarohana notarihan'ny Lieutenant Fidimalala Ricardo, Officier coordinateur Anosibe An' ala, ka nametraka velapandrika sy nanao bemidina tany amin'ny PK 60 Fokontany Faravohitra, kaominina sy Distrikan' Anosibe An'Ala, niaraka tamin'ireo Fokonolona, ny 09 martsa.



*Taolam-paty sarona tany Anosibe An'Ala.*

Tokony ho tamin'ny 5 Ora hariva, no tra-tehaka teo amin'ny toerana atao hoe Ampasampito ireo olondratsy miisa telo sy ny taolampaty milanja 50 kg nentin'izy ireo , raha toa ka vaky nandositra ny efatra.

Nomena baiko ireo Zandary izay miasa any Antandrokomby hanao fisafoana ny lalana mety hitsoahan'ireo olondratsy tafa-poritsaka.

Ny 10 Martsa tokony ho tamin'ny 02 tolakandro no noraisim-potsiny tao Androrangavola Fokontany sy kaominina Antandrokomby izy efatra mirahalahy, raha hikasa ny hitsoaka nankany Marolambo teo ampandraisana lakana. Naterin'ireo Zandary sy Fokonolona tany amin'ny Cellule de coordination Gendarmerie any Anosibe An'Ala ireto farany, raha samy niaiky fa tompon'antoka mivantana tamin'ny famakiana fasana sy fangalarana taolam-paty .

Raha tsihivina dia nisy vaky fasana nifanesy iny tampany atsimon'ny Distrikan' Anosibe An'Ala sy Marolambo iny ny faran' ny taona 2021, tao amin' ny Foko tany Antsatsaka , kaominina Amboasary , distrikan'i Marolambo .

Nandritra ny fanadihadiana savaranonando no nahafantarana, fa tambazotra maromaro izy ireo no tompon'antoka tamin' izao asa ratsy izao, ka misy amin'izy ireo no mpitarika fivavahana (Pasteur ) ary misy ihany koa ny avy any amin'ny Kaominina Ranomainty Distrikan'Amparafaravola ary avy any Amboanjobe Distrikan'Ankazobe, raha toa ka mpianatra ao amin'ny Oniversite Toamasina, no ati-doha nikotrika izao famakiana sy halatra taolampaty izao.

**Stefa**

Miaramila miandry tanànana mpanefoefo

## Manampatra fahefana amin'ny mponina manodidina, any Ambanja

Araka ny fanambarana nataon'Andriamatoa Ali Sarety, depiote teo aloha tany amin'ny distrikan' Ambanja faritra Diana, tao amin'ny televiziôna MBS, misy miaramila mpiambina tanin'olona mpanefoefo amin'izao fotoana any an-toerana manampatra fahefana amin'ny mponina manodidina izany tany izany. Ny herinandro teo, lehilahy iray 64 taona niandry omby teo akaikin'io tanin'olona mpanefoefo iray io no nihazan'ny antsojay nataon' ireo miaramila mpiambina. Misy miaramila karamain'ilay mpanefoefo tokoa miambina io taniny io, ka raha sendra manakaiky fotsiny ilay tany ambenany ity lehilahy mpiandry omby ity dia sazian'ity miaramila. Notakian'ity miaramila vola ilay lehilahy ary nilaza fa tsy nanana, ka dia nasainy nandihy. Nilaza ilay lehilahy fa tsy mahavita mandihy, ka dia nampanaoviny «pompe» 200. Nitaraina ihany ity lehilahy ity, fa tsy mahavita izany, ka dia nasainy nanao «marche canard» 20 mandroso sy miverina. 10 ihany anefa no vitany dia nijanona izy. Efa fanaon'ireo miaramila ny toa izao, hoy ireo manodididina, rehefa tsy ampy vola na noana izy ireo. Mitaraina ireo mponina noho ny tebiteby aterak'izany.



*Ali Sarety, solontenan'ny mponina any Ambanja, nanao fanambarana tamin'ny televiziôna MBS.*

**Niaina**

Fandrefesan-tany sy fananan-tany

## Tsy ampy ny serasera tamin'ny fankalazana ny faha-125 taona

Toy ny faritra rehetra dia nankalaza ny famaranana ny faha-125 taonan'ny fandrefesantany sy ny fananantany teto Madagasikara, ny tato Menabe. Nivoitra tamin'izany, fa isan'ireo olana telo lehibe ato Menabe ny olan'ny fananan-tany, izany no nisy dia noho ny tsy fahaizana mitantana, sy ny tsy fisian'ny serasera teo amin'ity sampan-draharaha ity, izay no nanaovana ny varavarana misokatra nandritra ny fankalazana ity faha-125 taona ity, nifototra tamin' ny lohahevitra hoe : "fananantany ho an'ny vahoaka ". Ny tanjona dia ny fanamorana ny fikarakaran'ny olona ny taniny ; tohizina amin'ny fiarahamiasa amin'ny haino vaky jery eto an-toerana izao hetsika izao, koa manao antso avo amin'ireo mpiara-miombonantoka ny talem-paritry ny fananantany sy fandrefesantany, Andriamatoa Vivant Roger satria tsy manana teti-bola natokana ho an'ny serasera ny ministera, hoy izy.




*Hetsika momba ny faha-125 taonan'ny fananantany sy ny fandrefesantany tany Morondava.*

**Rajepa**

Tompon-daka Cross Country 2022

## Fantatra ireo nahery rehetra tamin'ny hazakazaka

Tontosa tany Manakara faritra Fitovinany, tamin'ny sabotsy 12 martsa 2022 lasa teo, ny fifaninanam-pirenena amin'ny taranja athletisma, fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara amin'ny «Cross Country 2022 », ka nandraisana mpifaninana nahatratra 254 manerana ny nosy anjara.

Fantatra avokoa ankehitriny ireo nahery rehetra, araka ny fampitam-baovao nalefan'ny tale teknikan'ny FMA, Rambeloson Hery.

Vokatra rehetra azo :

SH (10 km) nahitana mpifaninana 61 : 1er-Mampitraotse (Cospn Boeny 065) 31'10", 2è-Tsima Tahinjanahary (Cosfa Analamanga 176) 32'04", 3è-Ralaiarimanana Hervé (Cosfa Analamanga 177) 32'08".

SD (8 km) nahitana mpifaninana 21 : 1ère-Ralisinirina Marthe (3Fb Analamanga) 26'41", 2è-Rasoaniaina Nathalie (Cami Itasy 015) 31'06", 3è-Raonjanirina Marie H (Cat Matsiatra Ambony 214) 31'42".

JH (8km) nahitana mpifaninana 38 : 1er -Andrianantenaina Nirina (Caam Amoron'i Mania 118) 26'41", 2è-Rakotoarisoa Jean Michel (Asfan Alaotra Mangoro 109) 26'46", 3è-Ralaivaomanajara Jean Christian (Caam Amoron'i Mania 119) 26'95".

JF (6km) nahitana mpifaninana 14 : 1ère -Raharinantenaina Josia Asjai Itasy 012) 22'48", 2è-Sendrabefiniaina Marie (Cami Itasy 011) 24'03", 3è-Rovamanankasina Rosah (Jam Fitovignany 093) 24'26".

CG (6km) nahitana mpifaninana 37 : 1er -Elson Jean Claude (Aspnato Atsimo Andrefana 033) 20'12", 2è-Razafimahefa Frida Christo (Ascut Atsinanana 230) 20'40", 3è-Lahamananjara Basile (Asaft Anosy 023) 20'52".

CF (4km) nahitana mpifaninana 28 : 1ère -Razanamiandrisoa Soavindrainy (Caf Matsiatra Ambony 197) 15'21", 2è-Ravon iarisoa Marie Lalaina (Cami Itasy 007) 15'43", 3è-Ralalasoaniorina Elisa (Caf Matsiatra Ambony 198) 15'44".

MG (4 km) nahitana mpifaninana 31 : 1er -Randrianandrasana Valisoa Désiré (Abca Amoron'i Mania 114) 13'23", 2è-Rafanomezantsoa Roméo (F/8 Anosy 017) 13'33", 3è-Rakotonirina Gabriel (Asfan Alaotra Mangoro 108) 13'57").

MF (2 km) nahitana mpifaninana 34 : 1ère -Rakotomanana Chrisnal (Taf Analamanga 164) 6'49", 2è-Nomenjanahary Natacha (Cosrom 52 Atsimo Andrefana 028) 6'51", 3è-Rasoanirarana Julianah (Adm Itasy 003) 7'10").

QUARTIER (Relais M/F) : 1ère -Andranovato 11'6, 2è-Ambalabe 12'1, 3è-Ambalavotaka 1 12'6.

**Rainilita**

« Fédération Malagasy de Basket Ball »

## Naangona zavatra maro tamin' ny hetsika 08 martsa

Navoakan'ny eo anivon'ny FMBB « Fédération Malagasy de Basket Ball » mangarahara ho fanta-bahoaka, ireo zavatra voaangon'izy ireo tamin'ny hetsika nataony tamin'ny fanamarihana ny 08 martsa 2022 lasa teo, tetsy amin'ny kianjan'i Mahamasina.

-Lelavola voaangona: 2.800.000Ariary (Valo hetsy sy roa tapitrisa Ariary ),
-Fitafiana /Akanjo / Kiraro,
-Voamaina,
-PPN ( Savony, Sira, Labozia),
-Fanafody,
-Kilalao isan-karazany.

Dia efa navoakan'ity rafitra ity mazava ihany koa, ny ho fitsinjarana an'ireo fanampiana voaangona ireo any amin'ny Faritra :

1-Vola mitentina ***2.800.000Ariary :
Lelavola 1.000.000Ariary (Iray tapitrisa Ariary) natolotra ho an'ny Faritra Atsimo Atsinanana ( Farafangana),
Lelavola 900.000Ariary ( Sivy hetsy Ariary) ho an'ny Faritra Vatovavy,
Lelavola 900.000Ariary ( Sivy hetsy Ariary) ho an'ny Faritra Fitovinany.

2-Hafa ( fitafiana, ppn...)
Nozaraina fonosana miisa 3 ho an'ireo Faritra miisa 3 voalaza eo ambony.

Ny FMBB dia manantitra ny fisaorana lehibe ho antsika rehetra nifanome tanana tamin'izao hetsika ho firaisankina izao.

**Rainilita**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**12/03/2022 hatramin'ny 19/03/2022**

- **GISELE** (AmbodivonikelyAnosivavakaAmbohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (AndravoahangyPrès Epi d'or) 020 22 245 12/034 30 245 45
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1274-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

## ENDRIKA KOLIKOLY AO AMIN'NY CNRO NOSY-BE

# Tsy azo ny ambim-bolan'ny orinasa nanao azy, 36 tapitrisa Ar

Tsy mbola azo hatramin'izao ny ambimbolan'ny orinasa tena nanao ny labôratoaran'ny CNRO: Centre de Recherche Océanographique any Nosy-Be, faritra Diana. Orinasa any Nosy-Be no tena nanao izany asa izany, nisy orinasa hafa avy aty Antananarivo anefa nisandoka ka naka io vola 36 tapitrisa Ariary io.

Raha nasiam-panatsarana ny labôratoara eo anivon'ny CNRO Nosy-Be sy any Vangaindrano, tetikasa avy tamin'ny ministera mpiahy dia ny ministeran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika ny taona 2017, nitentina teo amin'ny 300 tapitrisa Ariary ny nanatontosana ny asa.

Raha ny tany Nosy-Be dia nanomboka ny asa tamin'ny volana Septambra, ka vita ny volana Novambra 2017, nitentina 51 tapitrisa Ar ny vola nanaovana ny asa, ka nahazo avance ny orinasa nanao ilay asa tany Nosy Be, nitentina 15 tapitrisa Ariary, fa ny 36 tapitrisa Ariary no vola sisa tsy voaloa.

Talohan'ny tao amin'ny PRMP nandeha tany Nosy-Be hijery ny fahavitan'ny asa, mba hahafahana hanefa ilay vola sisa tavela dia tatran'ny loza na accident ka maty ny volana Novambra 2017 io, ny tompon'andraikitry ny PRMP eo anivon'ny ministeran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika.

Niezaka nifandray sy niakatra taty amin'ny Ministera ary niresaka tamin' ireo tompon'andraikitra teo anivon'ny Minisitera, fa tsy nahazo valin-teny mahafapo, fa ramatahora sy tsindry ary fandrahonana no hita sy azo aza, hoy Andriamatoa Tsakony Jean, Talen'ny orinasa tena nanao ny trano tany Nosy-Be.

Taty aoriana, nahazo vaovao ny tompon'andraikitra nanao ilay asa, fa orinasa Henintsoa taty Antananarivo no nisandoka ho nanao ilay asa tany Nosy Be ary naka ilay vola ambiny nefa io orinasa io tsy nanao ilay asa akory, ka tamin'ny volana Desambra 2017 no nivoahan'io vola io tao amin'ny Ministera mpiahy.

Ny 36 tapitrisa Ariary, vola tavela tamin'ny asa, ilay orinasa tany Nosy-Be no namoaka am-paosy ny nandoavana ireo entana novidiana sy nanafarana entana nanaovana asa ary ny karaman'ireo mpiasa, efa 05 taona izao no nahavitan'ny asa, mahatsapa izy fa efa tokony hiasana ity trano ity, ka tsy nanao sakana amin'ny tombontsoan'i Nosy- Be aho hoy Tsakony Jean, Tale ny orinasa nanao ny trano tany amin'ny Nosy Manitra, ka natolony tamin'ireo mpiasan'ny labôratoara eo anivon'ny CNRO ny fanalahidy na ny la clé, mba tsy ho vato misakana izy, na tsy azo aza hatramin'izao ny ambim-bolany.

Momba ity raharaha ity, nisy tale jeneraly iray avy ao amin'ny ministera nidina tany Nosy- Be, nilaza fa tsy orinasa tany Nosy-Be no nanao sy nahavita ny asa fanatsarana labôratoara ao amin'ny CNRO, fa ny orinasa Henintsoa avy aty Antananarivo, izay tsy marina velively. Voalaza fa mbola nanao ramatahora sy tsindry ary nandrahona koa ity tale jeneraly ity nilaza, fa hanagadra ilay talen'ny orinasa izay nahavita ny asa tany an-toerana. Manahy mafy Andriamatoa Tsakony Jean, fa mety mpiray tsikombakomba ity tale jeneraly ity momba izao raharaha izao, nefa hay sy hitan'ireo mpiasa any amin' ny CNRO, fa ity mpandraharaha Tsakony Jean ity no tena nanao sy namita ilay asa. Manaitra ny tompon'andraikitra sy ny Bianco arak'izany ny any an-toerana hijery akaiky izao raharaha izao.

*Stefa*




*Ny fanolorana fanalahidy ho an'ny CNRO Nosy-Be.*

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

**N° 387**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0386)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Sempotra | - D.S - Nay | - Sokatra | - Koa |
| - Aato (miv) - Sa | - Tsioka | - (H)ety | - Tsinay |
| - Kininina | - Anio (miv) | - Mandidy | - Rana - No |
| | - Alika - OH | - Paiso | - Havia (miv) |

## TENY MIFANARAKA N° 387




**Mitsivalana**

**1.** Rafitra vita amin'ny hazo ao amin'ny trano iray **2.** Karazam-by - Mpampitohy **3.** Tanimboly **4.** Homem-boninahitra **5.** Ranom-bava - Azo amin'ny voaloboka (miv) **6.** Valizy goavana (miv) **7.** Safotra, very dia (miv) **8.** Zava-maniry - Navelan'ny razana (miv) **9.** Naoty - Hazandrano (miv) **10.** Renirano - Raha ny hevitray

**Mitsangana**

**A.** Zava-maneno - Akana vao mitombo **B.** Nanakaiky (miv) **D.** Haingom-bolo **E.** Fifaninana hatsarana vehivavy **F.** Marika - ao amin'ny fery **G.** Handehanana am-panajana - Tsofoka **H.** Kere - Ravo **I.** Fanampin'anarana - Vorona (BR) **J.** Fitaovam-pantsakana - Andro **K.** Tsiro - Sakoroka - Aro moka

### Valiny Teny mifanaraka 0386

**Mitsivalana**

**1.**Narovana **2.** Ody (miv) - Tsy **3.** Fianaranay **4.** Posiposy **5.** Jono (miv) - Na **6.** Tolorana **7.** Ilo - Ampy **8.** No - Inty (miv) - Ma **9.** Anjara **10.** Taranja

**Mitsangana**

**A** Nifintana **B.** Ady - Olona **D.** Roapolo **E.** Nono - Tay (miv) **F.** Voasoratra **G.** Rija - Nar(a) **H.** Ap(oaka) - Nay **I.** Manonta (miv) - RN **J.** Sasa - PM **K.** VIII - Fiara

## NY TENY FIAINANA

*Ary mandalo izao fiainana izao sy ny filany; fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay".*
***I Jaona 2 : 17***

**FANATANJAHANTENA MALAGASY**

# Io fa manomboka mihàtra amintsika ny sazy

Io ary fa manomboka ny sazy omen'ny rafitra iraisam-pirenena ho an'ny fanatanjahantena Malagasy. Nosazian'ny FIPJP "federasiôna iraisam-pirenena amin'ny taranja tsipy kanetibe" tokoa i Madagasikara, fa tsy nahaloa ny saran'ny fiantranoan'ireo delegasiôna malagasy tany Santana Suzanna any Espagne, nandritra ny fiadiana izay ho tompon-daka erantany tamin'ity taranja ity, tamin'ny volana nôvambra 2021 (4 volana lasa izay).
Vokany : tsy mahazo mandray anjara amin'ireo fifaninanana iraisam-pirenena rehetra mandritra ny herintaona raha kely indrindra, mandra-pahaefa an'izany trosa izany, ny taranja tsipy kanetibe malagasy.
Toy izao indrindra ny fanambarana nataon'ny kômity mpanatanterak'ny FIPJP mikasika an'izany : " Suite au comportements



*Mpanao tsipy kanetibe Malagasy.*

indigne du Gouvernement de Madagascar, le Comité Exécutif de la FIPJP a decide d'exclure les equipes Malagaches de toutes les competitions de Pétanque au minimum pendant un an et jusqu'à la régularisation de la situation »..
Nambaran'ity fanambarana ity ihany koa fa ny saran'ny fiantranoan'ny minisitry ny fanatanjahantena, Hawel Mamod'Ali, sy ny an'ny tale misahana ny fanatanjahantena, Rosa Rakotozafy, tonga tany Espagne ihany tamin'io fotoana io, no efa nefain' ny Malagasy.
Taranja isan'ny mampamiratra an'i Madagasikara ny tsipy kanetibe, saingy isika izao voasazy izao noho ny resa-bola indray.
Dia nampahatsiahivin'ny FIPJP ihany koa, fa efa voatery nandoa am-paosiny lelavola 50.000 euros ny filoha mpanorina ny Fsbm, Randriamarohaja Dolys, tamin'ny fandehanan'ny ekipa nasiônaly malagasy niatrika ny "Championnat d'Afrique" tany Lomé Togo, izay nolazainy am-bava tamin'i zany fa : "haloan'ny Governemanta Malagasy izany vola izany".
Mampalahelo fa tsy afaka handray anjara amin'ny taranja tsipy kanetibe izany i Madagasikara amin' ny lalaon'ny nosy, izay hatao eto amintsika amin'ny taona 2023, sy amin'ireo fiadiana ho tompondaka eran-tany hatao any Karlslunde Danemark (simples, doublettes et mixtes), amin'ny volana mey 2022 sy any Bénin (triplettes hommes) amin'ny desambra 2022 ary koa amin' ireo fifaninanana tsipy kanetibe karakarain'ny FIPJP manontolo.
Karazany voalohany ihany ity tranga ity eo amin' ny sazy mety hahazo ny fanatanajahantena Malagasy, raha ny zava-misy eo amin'ity sehatra ity no asian-teny.

***Rainilita***

**"Maîtres de Salles" Karaté-do Malagasy**

# Miangavy ny minisitra mpiahy hampiantso AGE

Tafahaona indray tamin'ny zoma 11 martsa 2022 lasa teo, ireo Mpampianatra Clubs ( Maîtres de Salles) rehetra eto Antananarivo-renivohitra sy ny manodidina niisa 22, niaraka tamin'ny Filohan'ny Ligues Analamanga sy Androy, izay nandalo teto Iarivo ho an'ny taranja Karaté-do Malagasy.
Nohamafisina ary nodinihan'izy ireo tamin'izany ilay fanapahan-kevitra nataon'ireo "Ligues 12" ny amin'ny tsy fandraisana anjara intsony, amin'ny



*Fivorian'ireo "Maîtres de Salles" karaté-do.*

hetsika izay karakarain'ny FMK, mandra-pahatontosan'ny "AG Extraordinaire". Nisy ihany koa fampitana vaovao amin' ny dingana rehetra vita sy mbola handrasana. Niombom-peo ny rehetra, fa hiray hina ary tsy hijanona raha tsy tratra ny tanjona.
Miangavy sy manaitra ny Minisitra mpiahy ny fanatanjahantena malagasy izy ireo, mba handray ny andraikitra handamina sy hampandroso ary hanasitrana ny aretina mikiky an'ity taranja Karaté-do Malagasy ity ankehitriny, ka hampiantso AGE faran'izay haingana.

***Rainilita***

**Orange Pro League 2021/2022**

# Baolina 33 no tafiditra tamin'ny andro faha-12



*Lalao Orange Pro-League 2022.*

Fararanon'ny fampidirambaolina maty tamin'ny andro faha-12 ny fifaninanana "Orange Pro League 2021/2022", notontosaina tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo. Baolina nahatratra 33 no tafiditra tamin'izany.
Vokatra rehetra azo :
As Fanalamanga 1-2 Uscafoot,
Cosfa 1-1 Tia Kitra Fc,
Five Fc 1-5 Fosa Juniors Fc,
Jet Kintana 1-5 Ajesaia,
Cffa 5-0 A.Dato Fc,
Mama Fca 1-0 3Fb Toliara,
Disciples Fc 1-2 Elgeco Plus,
Zanakala Fc 1-0 Jfc Toliara.
Mijanona hatrany ho ny Fosa Juniors Fc Boeny no mitarika an'isa vonjimaika ao amin'ny vondrona «Conférence Nord» ary lasa ny Elgeco Plus kosa ny ao amin'ny vondrona «Conférence Sud».
Ity farany koa no ekipa faharoa efa tafita any amin' ny dingana manaraka amin'ity fifaninanana ity.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy henakisoa ritra indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary kôkômbra miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoralin'ny aretin-tenda



Fanafody natoralin'ny aretin-tenda na angine indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fomba fisehony:
- Marary ny tenda , manaintaina , may , mangidihidy.
- Marary rehefa manatelina sakafo na misotro rano.
-Marary loha , vatana.
-Malain-komana.
-Tsentsina ny orona na misy sery , mievona.
-Misy tazo.
-Mikohaka.
Zavatra atao:
- Manao gararaka amin'ny ranon-tsira.
-Misotro rano mafana, izay sakafo hanina mila mafana.
-Manao dite tamotamo na ronono asiana tamotamo.
-Mihinana voasarimakirana sy tantely.
-jirofo + dipoavatra mainty+ sakamalaho ampangotrahana dia sotroina hasiana tantely rehefa matimaty.
Raha aretin-tenda miverimberina dia mila manatona dokotera, fa aza variana.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ankisatra any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'Ankisatra any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ankisatra ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any andrefana amin'ny faritra Melaky no misy azy. Iva toerana izy satria amoron-dranomasina, 15 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny voanio fakana menaka, ny raphia, ny vary. Mpanjono ihany koa ny mponina any Ankisatra. Manakaiky ity tanàna ity, no misy ny fitrandrahana soliky ny orinasa Madagascar Oil any Tsimiroro.

